# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Oktobra 2020

# 1 Alakamisy oktobra

**Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.** Romana 8. 28

**Ny fomba ikarakaran'Andriamanitra ny olony (2)**

„Nasehoko azy ireo boky rehetra novidiko ho azy, ary hoy aho taminy :

— Fantatrao ve hoe avy aiza aho ?

— Tsia.

— Avy any Etazonia, 950 km miala eto. 800 dôlara ny saran'ny tapakila nandehanako fiaramanidina. Vao tonga halina aho, ary tsy nety nahita tory. Fantatrao ve hoe nahoana ?

— Tsia.

— Holazaiko anao àry : volana vitsivitsy izay, dia nisy olona maromaro tany Etazonia, natosik'Andriamanitra hanome vola ahy. Dia nanosika ahy hividy tapakila-na fiaramanidina Izy, mba hankatỳ sy hifoha maraina androany, hihaona aminao sy hividy ireto boky rehetra ilainareo ireto !" Hoy ihany i Paul Washer nanohy :

„Takatrao ve ny fitiavan'Andriamanitra ? Aza milaza amiko hoe kisendrasendra izao, fa hiteny ratsy an'Andriamanitra eo ianao, na hiteniteny foana ! Nandritra ny volana maro Andriamanitra dia nanomana ny fo sy ny toejavatra iainan'olona am-polony, mba tsy hiverina tanampolo io kristiana mahantra aoka izany io. Ary raha nitia io lehilahy io toy izany Izy, dia tia ahy toy izany koa, tia ny zanany rehetra toy izany koa. E ! raha mba takatsika kokoa mantsy hoe mahatalanjona Ilay Andriamanitsika !"

Ry kristiana, ny Andriamanitsika dia manokana ho antsika zavatra mahagaga, „izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona… efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy" (1 Korintiana 2. 9). Dia tsy hatoky Azy ve isika ?